# Ilay Voa Tsara Nafafy 21 Septambra 2018

# 21 Zoma septambra

**Matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra, fa aza miankina amin'ny fahalalanao ; maneke Azy amin'ny alehanao rehetra, fa Izy handamina ny làlanao.** Ohabolana 3. 5-6

**Ny finoana dia avy amin'ny toriteny, ary ny toriteny kosa avy amin'ny tenin'i Kristy.** Romana 10. 17

## Ny fahamarinan'Andriamanitra notadiaviko fatratra (1)

„Nahazo filazantsara aho, dia nanomboka namaky azy, ka faly nahita fa miresaka fitiavana, famindrampo ary famelan-keloka izy io. Saingy nijanona ho vakiteny tsotra ihany izany, ho ahy : vakiteny tsy dia nampiraika ahy. Nanelingelina ahy mantsy ny tsy nahitako resaka fifadian-kanina tao, ka dia natsahatro ny famakiana azy. Niverina namaky ilay filazantsara aho, tatỳ aoriana kely, ary nahita zavatra tena mahafinaritra tao, hany ka nanatona havana efa kristiana. Nohazavain'izy ireo tamiko izay tsy azoko, nivavaka ihany koa izy ireo mba hahazoako fiadanam-po, ary mba hisokafan'ny mason'ny foko, hahitako ny fahamarinan'Andriamanitra izay nokarohiko fatratra. Naharitra nifanakalo hevitra momba ny Filazantsara izahay, nivavaka ihany koa, ary tena nankasitrahiko fatratra izany. Nanome toky ahy izany, nefa mbola tsy tena naha resy lahatra ahy. Nitalaho tamin'Andriamanitra aho hoe : „Andriamanitra ô, miantehitra loatra amin'ny saiko sy ny fihevitro aho. Tiako ho takatra, aloha, ny zavatra rehetra. Nefa tsy mitondra ahy mankaiza izany. Tompo Andriamanitra ô, mafy ny foko. Ianao irery no afaka mandresy lahatra ahy, mba hisafidianako ny marina. Tiako hazava amiko izany, te hino aho".

Nandritra izany fotoana nikarohako zava-pnahy izany aho dia niatrika olana maro arak'sa sy ara-pianakaviana. Tsapako tatỳ aoriana fa izany no fomba namalian'Andriamanitra ny vavaka nataoko : tiany naseho ahy fa Izy irery no Tompo. Ary nandritra izany fotoan-tsarotra izany no naha resy lahatra ahy hoe marina ny Filazantsara sy ny Vaovao mahafaly manambara ny famonjena ao amin'i Jesosy."

*Rosa (hitohy)*